

LAHARANA #2 - 2022

# AMPITAPITAOUU!

## FANDAHARANASA MAHOMBY SY MAHARAKOTRA NY TANORA REHETRA

### HO FANOHANANA NY TANJONA FAHA-3 HO AN'NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA (ODD3)

**Miantoka ny fahafahan'ny isam-batan'olona miaina ao anatin'ny fahasalamana ary manohana fiainana lavorary ho an'ny rehetra na firy taona na firy taona izy.**

### TANJONA 3.7 [...]

**miantoka ny fahafahan'ny rehetra misitraka tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.**

3 BONNE SANTÉ ET BIEN-ÊTRE

# FANOHANANA SY TOLOTRA FENO HO AN'NY FAHASALAMAN'NY ZANANTSIKA.

**Iray ny tanjontsika.**

**Andao hiara-hientana hampiely sy hanamafy ny ezaka nataontsika ho fanatrarana ity tanjona ity.**

**Mbola lavitr'ezaka ny fanatsarana ny fahasalamana ara-pananahan'ny tanora any ambanivohitra eto Madagasikara.**

**40%**

amin'ny ankizivavy eny ambanivohitra no efa nitondra vohoka talohan'ny 18 taona.[1]

**20%**

amin'ny ankizivavy 15-24 taona no nanomboka nanao firaisana ara-nofo talohan'ny 15 taona.[2]

Izany antontan'isa izany dia mitaratra ny fisian'ny fanerena sy ny herisetra ara-pananahana, ny fanambadian'ny ankizy ary ny fitondrantena manimba eo amin'ny lafiny ara-pananahana izay miorina amin'ny lamina ifanekena tsy mahasoa eo amin'ny anjara toerana omena ny lahy sy ny vavy sy eo amin'ny lafin'ny kolontsaina.

Holafitra maro dia maro no mandray anjara amin'ny famahana ireo olana ireo. Anisan'izany ireo Ministera samihafa, ireo fikambanana iraisam-pirenena tsy miankina lehibe sy ny rafitra fiaraha-miasan'ny firenena maro, ireo rafitra sy fikambanana miasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana ary ny vondron'olon-tsotra. Raha eo am-panitsiana ny laharam-pahamehany ny firenena mba hiahiana bebe kokoa ny tanora dia misy fanontaniana mila valiny mipetraka amintsika rehetra:

**FENO sy MAHOMBY ve ny fanohanana sy ny tolotra omentsika ny tanora ka ahafahany mivelatra eo amin'ny lafiny ara-pananahana?**

## Fanombanana ireo "FOMBA FANAO TSARA INDRINDRA"

Tamin'ny taona 2015, ny Dr. Venkatraman Chandra-Mouli (OMS) sy Catherine Lane (USAID) ary Sylvia Wong (FNUAP) dia namoaka fanadihadiana fanehoan-kevitra iray mitondra ny lohateny hoe "What Does Not Work in Adolescent Sexual and Reproductive Health: A Review of Evidence on Interventions Commonly Accepted as Best Practices." Namakafaka ny tsy fahombiazana misy eo amin'ny sehatry ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo izy io ary ireo akoran-kevitra nentina namantatra ireo fomba fanao tsara indrindra eo amin'izany sehatra izany no nohadihadiany.[3]

Raha fintinina ny voalaza ao anatin'izany tahirin-kevitra izany dia:

- Mbola maro amin'ireo zatovo no tsy tratran'ireo hetsika natao ho azy ireo, indrindra indrindra ireo tanora voahilikilika sy marefo indrindra.
- Ny sasany amin'ireo hetsika ireo dia voaporofo amin'ny alalan'ny akoran-kevitra be dia be fa tsy mahomby kanefa dia mbola mahazo vahana ihany ny fampiasana azy ireo.
- Mahomby ilay hetsika indraindray saingy ny fiantomorana ampiasaina hanatanterahana azy no tsy mahomby satria:
    - Tsy tanterahina amin'ny fomba feno ilay hetsika fa amin'ny ampahany fotsiny ihany.
    - Fohy loatra ny fotoana anatanterahana ilay hetsika na mahalana sy maivana loatra ny fanatanterahana azy.

*[1,2] Akoran-kevitra avy amin'ny UNICEF Madagascar. (2018). MICS 6.*
*[3] Chandra-Mouli V, Lane C, Wong S. 2015. What does not work in adolescent sexual and reproductive health: a review of evidence on interventions commonly accepted as best practices.*

## Ahoana ny hevitr'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly?

*Tamin'ny taona 2022 dia namokatra sy nanaparitaka gazety boky momba ireo lohahevi-dehibe mifandraika amin'ny tanora sy ny fahasalamany ho an'ireo vondron'olona mpiaramiombon'antoka aminy ao amin'ny faritra Haute Matsiatra sy Amoron'i Mania ary Vakinankaratra ny fikambanana tsy miankina (ONG) Projet Jeune Leader (PJL). Nizara ny heviny sy ny fomba fijeriny manoloana izany ireo mpamaky, izay nahitana tanora, ray aman-dreny ary mpiarabelona eo amin'ny fiarahamonina. Taratasy miisa 8 498 no voarain'ny ekipan'ny Projet Jeune Leader ka nodinihiny tamin'izany.*

***Mizara ny sasany amin'ireo fanehoan-kevitra voarain'ny PJL momba ireo fomba fanao mahazatra eo amin'ny sehatry ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo eto Madagasikara ity gazety boky ity.***



**8 498**

**ny isan'ireo fanehoan-kevitra voaray momba ny fahasalamana sy ny fanabeazana ary ny zon'ny zatovo.**

### HEVI-DEHIBE

- Samy nametraka ny fanomezana fahalalana sy tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana ho an'ny zatovo ho zava-dehibe ireo vondron'olona samihafa eo amin'ny fiarahamonina na dia maro amin'izy ireo koa aza no niaiky ny fisian'ny fadifady manodidina ny sasany amin'ireo lohahevitra mifandraika amin'izany.
- Ireo vondron'olona ifotony no tompon'ny teny farany amin'ny fahombiazan'ny fandaharanasa iray na tsia noho izy miaina ao anatin'izany fandaharanasa izany. Mazava sy voafaritra tsara ny tamberina atolony momba ireo hetsika ankasitrahany sy ireo fanatsarana heveriny fa ilaina hampifanaraka bebe kokoa an'ireo hetsika amin'ny filany sy ny soatoaviny.



## TAMBERINA AVY ENY IFOTONY

Misy ny fiheveran-diso fa tsy te hiresaka an'ireo lohahevitra mifandraika amin'ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo ireo vondron'olona eo anivon'ny fiarahamonina izany hoe ny zatovo, ny ray aman-dreniny, ny mpampianany sy ny hafa koa. Ny zavamisy anefa dia...

**Ny ankamaroan'ireo fanehoan-kevitra voaray dia tena manohana an'ireo hetsika momba ny fahasalamana ara-pananahana ireo, ka isan'izay ireo fandaharana natokana ho an'ny fanabeazana momba izany eny an-tsekoly.**

"Ilaina ny manampy ny tanora **hiatrika ny fialantsakana**. Mila atoro azy koa ny tokony hataony mandritra ny fadimbolana ohatra. Mila beazina izy ireo hoe **mitovy zo ny lahy sy ny vavy**. Ilaina ny mampahalala azy momba ny fitondrantena voalanjalanja, ny fanajana ny zon'olombelona. **Mila ampianarina azy** ny fomba fitantanana ny hatezerana, ny rarintsaina, ary ny fifandonana."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Amin'ny maha-reny ahy dia hiezaka ny hifandray am-po bebe kokoa amin-janako aho hahafahako **mampita fahalalana momba ny fialantsakana aminy.** Lazaiko aminy hoe **zony tanteraka** ny hisafidy ny isan-janany sy izay olona hovadiany ary mino koa aho fa mamolavola azy ho amin'ity fanabeazana nohavaozina ity ny Jeune Leader.*"
(Ray aman-dreny, Amoron'i Mania)

*Tohizo ny vakiteny ahalalana bebe kokoa momba an'ireo Jeunes Leaders.

"Fomba iray ahafahantsika manampy ireo tanora any ambanivohitra hisitraka ny zony ny **fampahafantarana azy amin'ny antsipirihany ny momba ny fananahana ara-pahasalamana**. Ny zavamisy anefa, ary sakana iray lehibe tsy ahafahana manatanteraka izany, dia ny fisian'ny fady, indrindra ny firesahana izany eo amin'ny ray sy ny zanaka vavy na ny reny sy ny zanaka lahy. Noho izany dia ilaina ny **fanabeazana ny ray aman-dreny sy ny famporisihana azy ireo ho sahy hiresaka** tsy misy teritery momba ny fananahana amin'ny maha-ray aman-dreny sy zanaka azy ireo."
(Ray aman-dreny, Haute Matsiatra)

"Ny ahafahantsika manampy ireo tanora any ambanivohitra hisitraka io zony io dia ny fanomezana fahalalanaho azy ireo momba ny resaka fahasalamana ara-pananahana. **Izany dia tokony hatomboka any an-tsekoly**. Asiana fanentanana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina. **Tsy tokony ho menatra koa** isika ray aman-dreny hiresaka momba ny fahasalamana ara-pananahana amin'ireo zanantsika mba hahafahany mahalala izany."
(Ray aman-dreny, Haute Matsiatra)

**Tsy tokony hialangalana hody tsy hahalala ireo olana ara-pananahan'ny zatovo ny politika sy ny fandaharanasa eto Madagasikara fa vao mainka aza tokony hifantoka bebe kokoa amin'izany, hamaliana ny hetahetan'ny fiarahamonina.**

# Fanentanana ao amin'ny aterineto indray miantoana

## TODY eny amin'ireo vondron'olona kinendry ve izy ireo?

Monina any ambanivohitra sy ao anatin'ny fahantrana ny ankamaroan'ireo tanora malagasy. Latsaky ny antsasaky ny mponina eny ambanivohitra (45%) no manana finday ary 7% ihany no afaka misitraka ny aterineto.[1]

Araka izany dia **ampahany lehibe amin'ireo tanora eto Madagasikara no tsy afaka akory ny hahazo tombontsoa amin'ireo fandaharanasa momba ny fahasalamana ara-pananahana voizina ao amin'ny aterineto sy ny haino aman-jery** ka ireo efa marefo indrindra no tena voakasik'izany. Na dia eo aza izany dia mbola maro ireo mpanatanteraka fandaharanasa izay manohana mafy ny hanaovana fanentanana ao amin'ny aterineto.

## Hetsika MAHOMBY ve izany?

Raha jerena ny votoatin'ireo tetikasa fanabeazana sy fanentanana ao amin'ny aterineto ireo dia **toa manafosafo fotsiny ihany sy voafetra be.** Mahalana izy ireo no tena manampy ireo tanora handranto ireo **fahaiza-miaina ilaina** handraisana fanapahan-kevitra mahasalama manoloana ireo sedra lalovany eo amin'ny fiainany.

- Ny fifandraisana tomombana, ny fandrindram-piterahana ary ny miralenta dia lohahevitra saro-pady ka raha tiana hahomby ny fanentanana momba izany dia **olona azo itokisana** no mila manao azy.
- Ny fanatsarana ny fahasalaman'ny tanora dia mitaky zavatra maro mihoatra ny fahalalana: ilaina ampiana ireo tanora **hiova fitondrantena, hanana fahatokisan-tena ary handranto fahaiza-manao**. Ny hetsika mitaky ezaka be toy izany dia mitaky fidirana an-tsehatra maharitra sy miverimberina.

[1] *Akoran-kevitra avy amin'ny MICS 6 (2018). Enquête nationale sur la situation socio-démographique des ménages. Mass media, communication et Internet*

### Araka ny tenin'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly...

"Tena mahatsapa tena ho vonona ho amin'ny hoaviko aho noho ny lesona nianarana tamin'ny JL. Enga anie ka hitohy ny fampianarana ataon'izy ireo satria hatramin'ny nahatongavan'ny JL no nanombohako **natoky tena** sy **nahay nifandray tamin'olona**."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Araka ny hevitray dia ny olon-tsahala no mendrika indrindra hanabe ny tanora sy hizara fahalalana aminy ho amin'ny fiovam-pitondran-tena satria raha manana olana aho dia hatorony hevitra. **Izy no akaiky ahy indrindra sady azo itokisana** sy tsy milaza ny tsiambaratelo. Manentana ny tanora mitovy aminy momba ny fahasalamana ara-pananahana [izy] sy manampy ny tanora hanana fahaizana **enti-miatrika ny fiainana andavanandro** izy ireo."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Tokony homena sehatra amin'ny **fanomanana ny hoaviny ny tanora**, ary entanina isan'andro amin'ny alalan'ny fanabeazana azy. Anisan'ny tena ilain'ny tanora ny **mpanabe hanoro azy**. Ampahafantarina ny tanora izay loza mety hihatra aminy eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana amin'ny alalan'ny **fanabeazana azy ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy.**"
(Ray aman-dreny, Vakinankaratra)

**Milaza izy ireo fa misy fepetra hafa ankoatra ny fahalalana izay ilain'ny hetsika momba ny fahasalamana ara-pananahan'ny zatovo fenoina mba hahombiazany:**

- Mampianatra ireo tanora hahatoky tena
- Manohana ny fifandraisana sy ny fenitra ara-tsosialy mampandroso
- Miantehitra amin'ny mpanelanelana sy ny olona tian-ko tahafina ary ny mpanabe azo itokisana rehefa hampita hafatra amin'ny tanora
- Manome fanohanana sy tolotra miverimberina matetika mandritra ny fotoana maharitra ho an'ny tanora
- Manolotra fanohanana mahafaoka ny lafiny mahaolona rehetra hisian'ny fivelarana feno eo amin'ireo tanora
- Manatanteraka hetsika sy mivoy hafatra izay manampy an'ireo zatovo sy ny manodidina azy hifandray amin'ny fomba maro

# Tranoben'ny Tanora (Coins Jeune)

Ny famakafakana ireo fanombanana an'ireo fandaharanasa fametrahana tranoben'ny tanora maneran-tany sy eto Madagasikara **dia naneho fa tsy mahomby ny fampiasana tranoben'ny tanora hanatsarana ny fahasalamana ara-pananahan'ny tanora; sady tsy mampitombo ny fampiasan'ny tanora an'ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana izany** no tsy miteraka **fiovam-pitondrantena ara-pahasalamana m**isy lanjany eo aminy. Etsy an-danin'izany anefa dia lafo dia lafo ny fandaniana takiany isaky ny tanora mpisitraka.[1, 2]

## Lesona notsoahina avy tamin'ny zava-niainana tao anatin'ny fanatanterahana fandaharanasa mivoatra miandalana

Folo taona lasa dia anisan'ireo hetsika notanterahin'ny Projet Jeune Leader (PJL) tao anatin'ny fandaharanasany ny fanorenana Tranoben'ny Tanora teny amin'ny sekoly mpiara-miombon'antoka aminy, izany hoe trano misy efitra iray izay nampiasain'ireo Jeunes Leaders hampianarana momba ny fahasalamana ara-pananahana, hifanaovana dinidinika mitokana amin'ireo mpianatra ary hanolorana toerana ahafahan'ireo mpianatra manao fialamboly mampandroso izany. Rehefa nivelatra anefa ny fandaharanasa ka nifantoka bebe kokoa tamin'ireo sekoly ambanivohitra saro-dalana indrindra eto Madagasikara ny PJL dia velom-panontaniana hoe:

- Miteraka **fanatsarana voafaritra azo refesina** mifandraika amin'ny fahasalamana sy fanabeazan'ny tanora ve ny tranoben'ny tanora?
- Ny fanorenana tranobe miampy ny fikojakojana azy ve (nitentina 7 500 USD isanisany raha ny salan'isa no jerena) no **fomba mahomby indrindra ampiasana ny hoentimanana**?

[1] *Youthpower2. 2020. USAID/Madagascar cross-sectoral youth assessment.*
[2] *Chandra-Mouli V, Lane C, Wong S. 2015. What does not work in adolescent sexual and reproductive health: a review of evidence on interventions commonly accepted as best practices.*



## Lesona notsoahina avy tamin'ireo akoran-kevitra

Ny taona 2018, dia nanomboka nanangona porofo ny PJL izay maneho fa **ny Coin Jeune, na dia tombony lehibe ho an'ny mpianatra aza, dia tsy singa fototra amin'ny fahombiazan'ny programa ho an'ny tanora**. Ny vokatra lehibe indridra manko dia avy amin'ny fijanonan'ireo Mpanabe voatokana isan'andro eny an-tsekoly, ny fifandraisana anaty fifampitokisana misy aminy sy amin'ireo fiaraha-monin'ny sekoly, ary ny curriculum feno an'ny PJL. Nanapakevitra teo ny PJL **ny fanesorana ny fanorenana Coin Jeune ao amin'ny programa ho an'ny tanora**: ny fampiasana ny fotodrafitr'asa efa misy eo an-toerana (ohatra efitrano fianarana tsy miasa) fa tsy fanamboarana trano izay tena lafo vidy, trano tsy maharitra; fanovana nahatonga fiantraikany bebe kokoa tany amin'ireo faritra ambanivohitr'i Madagasikara.


**Ho jerentsika any amin'ny pejy manaraka ireo porofo nangonin'ny PJL.**



Tamin'ny 2013, dia afaka niasa tamin'ny sekoly 4 monja ny Projet Jeune Leader, fa hatramin'ny nijerena manokana ireo porofo sy ny fanatsaharana ny fanorenana Coin Jeune, dia afaka niitatra tamin'ny sekoly 51 amin'ny Faritra 3 eto Madagasikara izahay (ny 80% dia amin'ny faritra ambanivohitra!), nahafahana nahatratra tanora maherin'ny 30,000. Ny tena zava-dehibe dia ny fanohanana tsy misy fepetra ho an'ny Projet Jeune Leader avy amin'ireo sekoly mpiara-miasa sy ny fiaraha-monina – na dia tsy misy aza ny tombontsoa mivantana sy azo tsapain-tanana ho an'ny zanany amin'ny fisian'ny Coin Jeune.

## Lesona azo avy amin'ireo fahalalana[1] : ohatra fanehoana

Tahan'ireo mpianatra mino fa afaka mandro ny vehivavy rehefa tonga fotoana.




**Ireo fahalalana nangonin'ny PJL amin'ity ohatra ity sy ny hafa rehetra dia maneho fa ny singa mampisy fahasamihafana teo amin'ireo vondrona nanaovana tombana dia ny COURS.**

- Ireo mpianatra nanana Coin Jeune fa tsy nanaraka ny cours dia nampiseho *vokatra mitovitovy amin'ireo mpianatra tsy nisitraka tolotra mihitsy.*
- Ny mpianatra nahazo cours dia nampiseho fivoarana mitovitovy, *na nanana Coin Jeune na tsia*, izay maneho fa ny fanorenana sy ny fikojakojana ny Coin Jeune – asa izay lafo vidy – dia TSY MITONDRA vokatra goavana.
- *Ireo mpianatra izay nahazo ny fanabeazana tamin'ny cours* ihany no manana vokatra ara-pahalalana tena nivoatra, izay maneho fa ny curriculum voatokana ho an'ny fanabeazana feno ara-pananahana izay atolotrin'ny mpanabe voaofana manokana no TENA misy vokatra goavana.

[1] *Vokatra azo avy amin'ny programa andrana anaovana tomban'ny vokatra, nataon'ny PJL, niaraka tamin'ny fanadihadiana mialoha sy aoriana, natao tamina vondrona fampitahana tsy mitovy, taona 2018-2019, sy 2019-2020*



FIANTOMORANA FAMPIASA MAHAZATRA

# Mpanabe olon-tsahala

Ny fampiasana mpanabe olon-tsahala hanatonana ny tanora dia fiantomorana iray mahazo vahana be eto Madagasikara. Ny fikarohana maneran-tany momba ny fanabeazana amin'ny alalan'ny olon-tsahala sy ireo fanehoan-kevitra voaray avy amin'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly eto Madagasikara dia maneho fa **AFAKA ny hahomby kokoa noho ny fiantomorana entina hanabeazana sy hanentanana hafa izany** noho ireto antony manaraka ireto:

- Ny mpanabe olon-tsahala dia raisin'ireo tanora ho **azo itokisana sy azo inoana** kokoa noho ny karazan'olon-kafa
- Ny mpanabe olon-tsahala dia afaka **manatona ny tanora** eny amin'ny toerana mampahazo aina azy sy efa falehany
- Ny mpanabe olon-tsahala **dia afaka mampifanaraka ny fomba fiteniny sy ny hafatra voiziny** amin'ny vondron'olona kinendry ka mampitombo ny fahombiazany

## Ny zavamisy anefa dia...

Mety ho voafetra ny fahombiazan'ny fandaharanasa tanterahina amin'ny alalan'ny mpanabe olon-tsahala ho fampiroboroboana ny fitondrantena mahasalama sy ho fanatsarana ny vokatra azo eo amin'ny lafiny fahasalamana eo amin'ireo vondrona kinendry **raha sanatria ka tsy nanaraka fiofanana hentitra sy tsy voatokana amin'izany andraikitra izany ary tsy miasa anaty rafitra ireo mpanabe olon-tsahala.**[1] Ilaina jerena akaiky sy tandremana ny tsy hisian'izany eto Madagasikara noho ny hamaroan'ireo fandaharanasa mampiasa mpanabe olon-tsahala sy miantehitra amin'izy ireo hanatanteraka hetsika ho fanatsarana ny fahasalamana ara-pananahana.

[1] *Chandra-Mouli V, Lane C, Wong S. 2015. What does not work in adolescent sexual and reproductive health: a review of evidence on interventions commonly accepted as best practices.*

✓ Mpanabe olon-tsahala niofana sy voatokana ary mahazo fanohanana

# Manavao ny fahombiazan'ireo mpanabe olon-tsahala

Ny fikambanana tsy miankina Projet Jeune Leader (PJL) sy ny mpiara-miombon'antoka aminy ao amin'ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena dia manofana sy manohana mpanabe voatokana hiasa eny amin'ny kolejim-panjakana. Ny hany anjara asan'ireo mpanabe ireo dia ny misahana ny fanabeazana feno momba ny fananahana an'ireo mpianatra anaty taranja mitokana iray.

Toy ireo fandaharanasa miankina amin'ny mpanabe olon-tsahala dia manajary ny **herin'ny mpanabe mahefa sy mora atonina** ny PJL ary ambonin'izany dia mampiasa fomba manan-danja vitsivitsy izy handresena ireo sakana mametra izany fandaharanasa izany:

✓ **MPANABE NANDRAY FIOFANANA –** Maro amin'ireo fandaharanasa mampiasa olon-tsahala no tsy manome afa-tsy fanofanana tokana ho azy ireo mandritra ny ora na andro vitsivitsy fotsiny ihany. Ireo mpanabe olon-tsahalan'ny PJL dia miofana volana vitsivitsy amin'ny fomba mahery vaika ary avy eo dia mbola manaraka fiofanana hafa manamafy ny fahaiza-manao isaky ny fe-potoana voafaritra rehefa eo am-perin'asa.

✓ **MPANABE VOATOKANA –** Ireo mpanabe olon-tsahalan'ny PJL dia mandranto fahalalana ampoka momba ny fahasalamana ara-pananahana sy ny fitomboan'ny zatovo ary ny fomba fampianarana. Mandray karama izy ireo hampianatra fandaharam-pianarana hentitra izay mampita fahalalana momba ny fahasalamana, ny fahaiza-mitarika, ny fifandraisana tomombana sy ny lohahevitra manan-danja hafa ARY hampitombo ny fahaiza-miainan'ireo mpianatra.

✓ **MPANABE MIASA ANATY RAFITRA –** Ireo mpanaben'ny PJL dia mpampianatra raikitra eny amin'ny kolejim-panjakana. Voafaritra mazava ny zavatra andrasana aminy sy ny fandaharam-potoanany, ary mpandray anjara feno eo amin'ny tontolon'ny sekoly izy ireo. Sady mifampikasoka matetika amin'ireo ray aman-drenin'ny mpianatra sy ny mpampianatra ary ny talen-tsekoly izy ireo no manana fandaharam-pampianarana sy fandaharam-potoana isan'andro sy isam-bola.



**Ireo fanehoan-kevitra avy amin'ireo vondron'olona eny anivon'ny sekoly dia maneho fa ireo mpanabe olon-tsahala, na ny mitovitovy amin'izany toy ny Jeunes Leaders, dia omen-kasina rehefa miharo amin'ny fiarahamonin'ny sekoly sy azo itokisana ary mahafehy tsara ny zavatra ataony.**

"Ny olona mendrika indrindra hanabe ny tanora sy hitondra azy ho amin'ny fiovam-pitondrantena dia tanora izay mahay **mifandray** amin'ireo mitovitovy taona aminy, **mahazo sary an-tsaina** ny zavatra iainany sy ny manjo azy, **tsy saro-kenatra** sy afaka ny **hampahafantatra** an'ireo olon-tsahala aminy ny tombontsoa sy ny vokadratsin'ny fanapahan-kevitra raisiny, manana fahalalana ampy ary mahay manamafy ny fahatokisantenan'ny hafa."
(Talen-tsekoly, Vakinankaratra)

"Ny olona mendrika indrindra hanabe ny tanora sy hizara fahalalana aminy dia ny mpanabe olon-tsahala (JL) satria efa **niofana sy voatokana** hanontaniana ny momba izany izy ireny."
(Mpianatra, Haute Matsiatra)

"Ny mpanabe olon-tsahala no hitako fa mendrika **hanampy ireo tanora ho amin'ny fanovana ny fitondrantena mety hampidi-doza.** Raha ohatra mantsy ka io rasazy io izao no handray ny zanako dia mety tsy ho ampy ny torohevitra omeny noho izy **tsy miofana** momba **ny fomba fandraisana ankizy miala sakana** ary **tsy ampy ny fitaovana entiny manazava ny fanabeazana.** Lasa maka sary an-tsaina diso avy eo ilay adolatsento."
(Ray aman-dreny, Vakinankaratra)

"Raha ny hevitro dia ny **mpanabe olon-tsahala (toy ny JL)** no olona mendrika indrindra hanabe ireo tanora sy hizara fahalalana aminy satria **mahay mifanerasera** amin'ny olona rehetra izy ireny no sady vonona ny hanampy sy hanabe ny tanora. Manolotra **fahalalana tsara** izy ireo ary **afaka hatonina tsara**."
(Ray aman-dreny, Amoron'i Mania)

"Tokony homena **andraikitra** ireo mpanabe olon-tsahala hahatonga azy ho tena **modely** fa tsy olona [nandray fiofanana] fotsiny ihany."
(Ray aman-dreny, Amoron'i Mania)

"Marina tokoa fa ny **mpampianatra** no tokony hampahafantatra ny tanora ny momba ny fitondrantena nefa **mety ho sahirana amin'ny fampianarana hafa izy satria manenjika ny fandaharam-pianarana**. Any amin'ny olon-tsahala araka izany no tokony haka torohevitra."
(Mpianatra, Vakinankaratra)

"Teto amin'ny sekolinay taloha dia nahitana zatovovavy maro nitondra vohoka, fa hatramin'ny nahatongavan'ny JL dia nahazo **torohevitra** ny rehetra satria **maro ireo lesona** momba ny vohoka aloha loatra sy ny **fanampiana ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra**... nitsahatra ny vohoka eo amin'ny zatovovavy ankehitriny... tsy nisy na dia iray tamin'ireo taona fahasivy aza bevohoka."
(Talen-tsekolyl, Vakinankaratra)


"Asiana ny Projet Jeune Leader mba hahafantaran'izy ireo ny momba ny zon'ny ankizy any amin'ny misy azy ireo. **Mahalala ny zony** ny ankamaroan'ny tanora amin'izao satria mianatra amin'ny "Projet Jeune Leader" daholo. [...] Mila miresaka mivantana amin'ny JL ny olona ary mila **manatona sy miresaka tsara amin'ny talen-tsekoly ny JL. Ampahafantarina momba an'io zony io koa ny ray aman-dreny sy ny Chef ZAP.**"
(Talen-tsekoly, Haute Matsiatra)

**Mila fandaharanasa tsara kalitao sy feno momba ny fahasalamana sy ny fanabeazana ara-pananahana ny tanorantsika ahafahany mivelatra sy mitombo ka ho lasa olon-dehibe vanona sy salama.**









**Ireo mpanatanteraka sy mpamolavola politika dia manana adidy ny hiantoka fa fandaharanasa mahomby sy maharakotra ny tanora REHETRA eto Madagasikara no ampiasana ny hoentimanana.**





**Rehefa volavolaina hamaly ny hetahetan'ireo vondron'olona sy hanome fiheverana an'ireo tamberina nozarainy ny fandaharanasa sy ny politika dia mitombo ny fahombiazany, ny fankasitrahan'ny olona azy ary ny faharetany.**

**Andao hiara-hientana hanatsara ny fahasalaman'ny tanora eto Madagasikara!**



**Ny gazety boky Ampitampitao! dia natao hanangonana sy hamaliana ireo fomba fijery sarobidy zarain'ireo vondron'olona samihafa mpisitraka ny asan'ny Projet Jeune Leader momba ny zava-niainany sy ny fahitany ny politika sy ny fandaharanasa ho an'ny fahasalaman'ny tanora.**




**Resy lahatra izahay fa ny fampiarahana ny fahaiza-mitondra mavitrika sy ny hetsika miainga amin'ny porofo dia ahafahana miteraka ny vokatra lehibe indrindra izay ahafahan'ny zanantsika hitombo ka ho lasa olon-dehibe salama sy sambatra àry vanona.**

## Misy fanontaniana manitikitika ve?

Projet Jeune Leader dia resy lahatra fa ny fahombiazan'ny fandaharanasa sy politika dia miankina amin'ny fahalalana sy famaliana ireo hetahetan'ireo mpisitraka eny anivon'ny fiarahamonina. Raha te hahalala bebe kokoa momba ny tamberina nalefan'ireo mpisitraka na ireo fiantomorana mahomby tsara ampiasaina amin'ny politika sy fandaharanasa momba ny fahasalaman'ny tanora eto Madagasikara ARY hizara tamberina dia tsidiho ny rohy:

**https://fr.projetjeuneleader.org/ressources**

*Ity gazety boky ity dia novolavolaina sy novokarin'ny*

**PROJET JEUNE LEADER**





## "SAMIA SALAMA"

Misy zavatra horesahina izay tsara ho tadidy.
Tsy voaresaka matetika kanefa tena sarobidy
Tsy inona akory, fa ny fahasalaman'ny tanora
Mila resahina sy arovana isan'andro isan'ora.

Ka inona ary no hatao mba hiarovana izany?
Sa ve dia hoe samy manao izay fantany any?
Tsia, tsy izay, fa ireto misy fepetra
Tsy dia sarotra e, sady mety amin'ny rehetra.

Ny vahaolana amin'izany dia tsotra ihany
Ny tanora ihany no mahalala an'izany
Manam-pahaizana izy ireo amin'io tenany io!
Ka hiandrasana an'iza ary io zavatra io?

Aoka tsy ho ambaniana ny feon'izy ireo
Aza andrasana fety re fa tonga dia vonjeo
Ny samy tanora no ampio hifanohana
Aza atosi-boho-tanana fa andao havotana!
Tohano izy ireo, omeo ny fitaovana rehetra
Fiofanana sy vola, ny entana tsy voafetra
Andraikitr'izy ireo izany, saingy mba jereo ihany
Ny kalitao tsara anie dia ny fahampian'izany.

Omeo tso-drano izy ireo hanao ny adidy izay atrehiny
Dia tohano amin'izay fa mbola lava ny halehany.
Raha izany no tanteraka sy hilamina tsara
Dia ho sambatra isika eto Madagasikara!

**Tononkalo nosoratan'i Lanja Godefroy & Tahiry Anjarasoa, Tanora Mpitarika ao Ambositra sy Fianarantsoa**

**MIANTOKA NY FAHAFAHAN'NY TANORA REHETRA MISITRAKA FAHALALANA, FANABEAZANA, SERASERA, FIKARAKARANA, ARY FANOROANA MOMBA NY FAHASALAMANA ARA-PANANAHANA**